
GAZETY
tohiravina
TERAKA

www.teraka.org - n°11 - Oktobra 2025 - MAIMAIMPOANA



MAMBOLY HAZO MBA HO AMIN'NY HO AVY MAHARITRA

Ireo Soatoavina Fototra TERAKA : 1. Marina isika I 2. Mahitsy isika I 3. Mangarahara isika I 4. Miasa an-tsitrapo isika I 5. Miasa amin'ny fifanompoana isika I 6. Miasa amin'ny teti-bola ambany isika mba hahazoana vokatra lehibe I 7. Samy tompon'andraikitra isika

Ireo lohatenin-dahatsoratra hita ao anatin'ity Gazety ity :

1. **MAMBOLY SADY MANDRAY ANDRAIKITRA : Ireo fepetra vaovao noraisin'ny fandaharanasa TERAKA manoloana ny fambolena kininina**
2. **HAFATRY MOMPERA JEAN MARCEL : Andao isika hamerinaindray ny ala eto Madagasikara**
3. **PÉPINIÉRISTE RAZAFIMAHAFALY NORBERT : mpikambana TERAKA fitaratra ho an'ny fiaraha-monina**
4. **FISY TEKNIKA FAMBOLENA MANGA**

Ry tantsaha namana,

Ny hazo tsirairay izay volentsika dia dingana iray mankany amin'ny hoavy tsara sy maharitra. Mandritra ity taom-pambolena ity, ny fandaharanasa TERAKA dia maniry ny hametra ny kininina fanao fanaka (Eucalyptus Robusta sy Eucalyptus Grandis) ho 20 isanjaton'ny hazo volen'ny mpikambana iray. Izany dia mba ho fiarovana ny tany, ny karazanjavamananaina, ny tahirin-drano ary ihany koa noho ny fangatahan'ireo mpanjifa ny Karbaonantsika.

Ireo hazo tsy fahita raha tsy eto Madagasikara sy ireo hazo fihinam-boa dia mahatonga ny tanintsika ho lonaka kokoa, maha mafy orina ny tanànantsika ary mampivoatra ny fianakaviantsika.

Ankoatra izay, isika dia manankarena olona, anisan'izany ireo mpitarika antsika toa an'Andriamatoa RAZAFIMAHAFALY Norbert, izay miaina ny soatoavina TERAKA dia ny fandraisana andraikitra izany. Ity farany dia tia nizara ny fahaiza-manaony nandritra ny taona maro ka anisan'izany ala vadim-boly . Maneho izany fa manana fanoloran-tena sy finiavana hampandroso an'i Madagasikara izy. Azontsika alain-tahaka ireo fomba fanao tsara ananany ireo.

Andeha ary hotohizantsika ny fambolena karazan-kazo maro sy ny fiarovana ny tontolo iainantsika satria isika tantsaha Malagasy, isika mpikambana TERAKA no mpanorina Madagasikara maitso sy maharitra.

1 - SADY MAMBOLY NO MANDRAY ANDRAIKITRA : ny fepetra vaovao momba ny kininina fanao fanaka *(Eucalyptus Robusta sy Eucalyptus Grandis)*

Ny fandaharanasa TERAKA dia manome lanja ny fiantraikan'ny asa ataony na eo amin'ny fiaraha-monina izany na eo amin'ny tontolo iainana. Anisan'ny tanjona lehibe imasoan'ny fandaharanasa ny handray anjara amin'ny fanorenana tontolo maharitra ho an'i Madagasikara, ka ny sehatra anatanterahany izany dia amin'ny alalan'ny fambolen-kazo izay iantsorohan'ireo tantsaha mpikambana TERAKA. Arak'ireo soatoavina izay iainantsika eo anivon'ny fianakaviamben'ny TERAKA, isika rehetra dia samy tompon'andraikitra amin'ny fikoloana sy fanorenana tontolo maharitra ho an'ny taranaka. Mba hahatrarana izany tanjona izany, ny karazan-kazo sasany toy ny kesika (pinus sp), grevillea mena (grevilia banksii), ny goavy (Psidium guajava) dia nosokajiana ho ao anatin'ny lisitra mainty ka tsy azo ekena ho isan'ny hazo TERAKA. Ho an'ny karazan-kazo sasany kosa dia voafetra ny isan'ny hazo volena, satria ny fambolena azy tsy ampiheverana dia mety hiteraka fiantraikany ratsy eo amin'ny tontolo iainana. Mandritra ity taom-pambolen-kazo ity, dia notapahana niaraka tamin'ireo mpikambana TERAKA izay mandrafitra ny filan-kevim-pitarihana TERAKA ny hamerana ny isan'ny kininina fanao fanaka (Eucalyptus Grandis sy Eucalyptus Robusta) azo ekena mba tsy hampidirana azy ho lisitra mainty. Inona no anton'izany fanapahan-kevitra izany?

Ny fambolena kininina dia ahazoana tombontsoa marobe (noho izy mafy toto ka afaka maniry eny an-tanety), nefa ihany koa maro ireo voka-dratsy aterak'izany indrindra ka amin'ny velaran-tany midadasika ary tsy misy fitantanana maharitra. Ho tanisaina manaraka eto ary ny voka-dratsin'izany :

- Ambony loatra ny fitrohan'ny kininina rano :
  - Ny kininina dia mamàka lalina ary mitroka rano be.
  - Ny kininina dia mahatonga ny loharano ho ritra indrindra fa amin'ny toerana maina.
  - Izany dia mampihena ny rano ho an'ny fambolena, ny renirano ary ny biby.
- Mahamanta ny tany :
  - Ny ravina kininina dia misy menaka manitra sy "tanins" izay mampiadana ny fahapotehan'ny akora organika.
  - Ny kininina dia mampihena haingana ny tsiron'ny tany, noho izany dia mila fotoana lava indray ny tany mba hamerenana ny otrikaina ao aminy amin'ny laoniny.
- Risika hafa (tsy faharetana, firoboroboan'ny zava-maniry manirinry foana) :
  - Any aoriana dia ho ambony kokoa noho ny hazo hafa ny tahan'ny mety ho fanapahana kininina, izany anefa dia mifanohitra amin'ny fitsipiky ny faharetana sy ny ezaka ataontsika.
  - Ny kininina dia ahiana ho lasa manaranaka loatra ka hanenika ny toerana aniriany. Izany dia mety hampihena ny karazan-kazo zanatany sy ny karazan-javamananaina zanatany izay manana anjara toerana lehibe eo amin'ny tontolo iainana. Noho ireo rehetra voalaza eo ambony ireo, ny kininina dia tsy manana laza tsara loatra eo anatrehan'ny mpividy Karbaona TERAKA.

Mba hananana kalitao tsara eo amin'ny Tahiry Karbaona ary indrindra hisorohana ny fiantraikany ratsy ateraky ny fambolena kininina be loatra eo amin'ny tontolo iainantsika, dia noraisina ny fanapahan-kevitra fa manomboka ny 01 septambra 2025 dia ferana ho 20% ny isan'ny kininina azo ekena ho isan'ny hazo TERAKA. Izany hoe, raha mamboly kininina 20 dia mila mamboly karazan-kazo 80 hafa. Ny isan'ny kininina faran'ny ambony azo ekena dia 50 isaky ny hektara, ary kininina 200 isa isaky ny mpikambana ihany no azo ekena ho hazo TERAKA.

Ireo mpikambana izay efa namboly talohan'ny nampiharana ity fitsipika ity dia tsy ho voasazy ary ireo hazony izay efa voavoly taloha dia hisitraka ny fanisana hatrany. Na izany aza, dia mangataka azy ireo izahay mba hanao ezaka amin'ny fambolena karazan-kazo samy hafa.

Fanamarihana : na dia noferana aza ny isan'ny kininina fanao fanaka azo ekena ho isan'ny hazo TERAKA, tsy midika izany fa ny mpikambana TERAKA dia tsy afaka hamboly mihoatra ny fetra napetraka. Afaka mamboly mihoatra izany izy ireo saingy tsy ho voaray ao amin'ny fandaharanasa TERAKA ary tsy misitraka ireo tombontsoa mifanaraka amin'izany fotsiny ireo hazo mihoatra.

2 - HAFATRY MOMPERA JEAN MARCEL : Ndao isika hamerina indray ny ala eto Madagasikara

Ry tantsaha namana. Andao isika hamboly hazo fihinam-boa sy ny hazo Malagasy. Nahoana ? Satria tombontsoa maro no azontsika isaky ny fototra hazo iray izay volentsika: voankazo mitondra tsiro isan-karazany, fidiram-bola ho an'ny ankohonana, ary tontolo madio sy mafonja.

Ampirisihina ihany koa isika hamerina hamboly ireo hazo Malagasy toy ny Voara (Ficus tiliifolia), Amontana (Ficus lutea), Nonoka (Ficus reflexa), Landemy (Anthocleista madagascariensis), Baobab (Adansonia sp) , Voamboana (Dalbergia monticola), Karambito (Macaranga myriolepida) , Hazomavo , Hetatra(Podocarpus madagascariensis) sy ny hafa koa. Raha jerentsika ireo dia hazo samihafa, samy manana ny mahaizy azy ary mampiseho ny hatsaran'ny tananantsika ka mahatonga azy hiavaka amin'ny hafa. Ankoatr'izay dia ampirisihina isika mba hamboly karazan-kazo samihafa. Ny fifangaroan'ny hazo isan-karazany amin'ny toerana iray dia fomba natoraly ahafahana miaro amin'ny aretina. Maro ireo tombontsoa entin'ireo hazo ireo. Ny Baobab ohatra dia mitahiry rano ary mamonjy ny olona any amin'ny tany tsy ampy ranon'orana. Satria misy paosy lehibe ao anatiny mitahiry rano madio azo sotroina ary mamonjy olona maro any amin'ny faritra Androy. Mety maniry tsara aty ampovoan-tany izy ireo. Jereo anie ity hitantsika amin'ny sary ity, ilay Baobab ao Ilaka avaratr'Ambositra izay nambolena tamin'ny taona 1964 avy any Androy, maniry amin'ny voany. Ny Amontana sy ny Voara ihany koa dia hazo manao barazy rano ao anaty tany ao ny fakany ka afaka mamelona loharano, samy maniry amin'ny tahony ireo.Jereo ity Amontana eto Soavina antsinanan'Ankazomiriotra izay efa mihoatra ny zato taona satria tany amin'ny andron'i Mpanjaka Rampolo no efa teo ity hazo ity. Tsara ary tena tsara ny hazo Malagasy. Izy ireo dia anisan'ny harena afaka havelantsika ho an'ny taranaka. Noho izany, miaraka amin'ny fandaharanasa TERAKA, andao isika hamboly hazo Malagasy mba hanorina tontolo maitso sy maharitra ho an'ny Madagasikara.




3 - RAZAFIMAHAFALY NORBERT : Fitaratra ho an'ny mpikambana TERAKA

RAZAFIMAHAFALY Norbert dia pépiniériste (mpamboly zanakazo)monina ao Ambodihady, Kaominina Fiadanana (Amoron'i Mania). 70 taona izao ny lehilahy ary manana zanaka 11. 35 taona no naha pépiniériste azy ary nandritra izany dia nanao ezaka manokana izy ho fanatsarana ny masomboly ary namerina ny hazo zanatany izay efa mila ho lany tamingana.
Mpikambana ao amin'ny Vondrona Madinika MIARADIA V ny tenany ary efa anisan'ireo mpikambana TERAKA voalohany tany amin'ny Kaominina Fiadanana ny taona 2023. Anisan'ny naharesy lahatra azy hiditra ho mpikambana TERAKA moa ny fahatsapany ny fiovaovan'ny toetrandro ka te hitondra ny anjara birikiny izy amin'ny fanarenana izany amin'ny alalan'ny fambolen-kazo.
RAKOTOMAHAFALY Norbert dia tia mizara maimaim-poana ny fahaiza-manaony ka anisan'ny sehatra anaovany izany ny eny amin'ny fivorian'ny Klastera sy ny fivorian'ny Vondrona Madinika. Maro ihany koa ireo mpikambana TERAKA ao amin'ny Kaominina Fiadanana no tonga mandranto fahalalana ao aminy ka am-pitiavana tokoa no izarany izany. Ankehitriny dia lasa fakan-tahaka ho an'ny tantsaha ny sahan'Andriamatoa Norbert satria ahiatana karazan-kazo samihafa, voakolokolo ka manintona ny maso.Hafatra avy aminy :
Ry tantsaha namana, ny fambolena no fototry ny fahavelomana. Ny zava-maniry dia anisan'ny mandray anjara lehibe amin'ny fanatsarana ny tontolo iainana. Noho izany, sarobidy ny asantsika koa mahereza fa manana anjara toerana lehibe amin'ny fametrahana tontolo maharitra ho an'ny taranaka isika.



4 - FISY TEKNIKA FAMBOLENA MANGA :

FANANGONANA VOA
Toerana mety hahitana voa : eny an-dalana, eny an- tsena, mihintsana amin'ny fototry ny hazo manga lehibe na mividy manga hohanina ary tsy ariana ny voany
Fotoana fanangonana : desambra - janoary - febroary







Firy ny isan'ny hazo tokony hovolen'ny mpikambana TERAKA isan-taona?

Ny mpikambana ao amin'ny Vondrona TERAKA dia tokony hamboly hazo 50 farafahakeliny isan- taona, izany hoe tokony hamboly hazo miisa 250 farafahakeliny ao anatin'ny 5 tao voalohany. Izany ezaka iombonana izany dia ahafahana miantoka ny fahavelomana ny fahazoana tombony ho an'ny fandaharanasa TERAKA ary hositrahan'ny mpikambana ihany koa ny taona ao aoriana.

Raha hazavaina kokoa dia toy izao: ny fandaminana eo anivoan'ny fandaharanasa TERAKA, ny asa izay tanterahin'ireo mpanampy Klastera dia mifandraika amina fandaniana izay miakatra arakaraky ny mahabetsaka ny mpikambana. Ny fahazoana tombony dia tsy ho tratra raha tsy mamboly hazo ampy isa ireo mpikambana. Na izany aza anefa, ny isan-kazo tokony hovolena dia mifameno eo anivon'ny Vondrona Madinika, izany hoe fenoin'izay mpikambana afaka mamboly betsaka ny an'izay tsy manana fahafahana hamboly ny isa takiana ho an'ireo mpikambana anaty Vondrona Madinika iray.



TSARA HO FANTATRA

Fanombohana ny rafitra fandoavam-bola mialoha

Natomboka tamin'ny fomba ofisialy tany amin'ny Faritra Amoron'i Mania ny fandoavam-bola mialoha ho an'ny mpikambana TERAKA. Hatramin'izao dia 61 ny vondrona madinika no efa nisitraka izany ary ireto avy ny fepetra ahazoana azy toy ny : fanisana hazo sy ny fanaovana sonia ny fifanarahana ara-barotry ny tahiry Karbaona ary ny fifanarahana ho an'ny vondrona madinika.

Ao anatin'izany dia nahazo faktiora tsirairay ny vondrona madinika ary « voucher » no fiantso azy. Manamarina izay voarakitra ao anatin'io « voucher » io ny tompon'andraikitry ny vondrona madinika sy solontena iray atao vavolombelona. Rehefa voamarina amin'ny atsipiriany ny faktiora, fa indrindra ny mari-bola sy ny nomeraon'ny finday azo andefasam-bola izay misoratra amin'ny solontenan'ny Vondrona Madinika dia soniavin'izy ireo ny « voucher ». Rehefa vita izany dingana rehetra izany dia afaka miroso amin'ny fandoavana ny vola ny sampan-draharaha misahana ny ara-bola aty amin'ny foibe TERAKA.

Nisy fahatarana ny fanatanterahana ny fandoavam-bola mialoha noho ny fahasarotan'ny dingana narahana. Maneho ny fialan-tsiny izahay amin'izany ary mankasitraka feno ny faharetanareo, sy ny fiaraha-miasanareo ary ny fandraisanareo anjara ho fiarovana ny tontolo iainana.

TERAKA

GAZETY
Tohiravina

TERAKA
212 route circulaire Ambanidia
101 Antananarivo

Fampafahantarana : TERAKA
Mpanoratra : RAKOTONIAINA Nambinina, RAFANOMEZANTSOA Jean Marcel, RAVOLAMANANA Ravaka
Sary : © TERAKA
Lasitra : Groovy Artistik
Fanontana Printy : ECOPRIM, Ankorondrano
Tél, 22 320 89
Imprimé sur du papier Eco-Responsable FSC
TERAKA dia marika voaaro

www.teraka.org

Raha hiditra mpikambana TERAKA, antsoy ny laharana :
+261 (0) 34 88 142 35 / +261 (0) 32 03 945 00 / +261 (0) 33 50 854 11